**REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA**
*Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana*
------------------------------

**FIADIDIANA NY FANAVAOZANA NY REPOBLIKA**
------------------------------

# VOLAVOLAN-DALÀNA LAHARANA FAHA 038/2026 tamin’ny 01 Jolay 2026

**Manova sy mameno ny fepetra sasantsasany ao amin'ny Lalàna laharana faha-96-029 tamin'ny 06 Desambra 1996, novaina sy nofenoin'ny Lalàna laharana faha-98-030 tamin'ny 20 Janoary 1999, mikasika ny Sata Ankapobeny mifehy ny Miaramila**

Ny Antenimierampirenena, nandritra ny fivoriana nataony tamin'ny ………….., dia nandany ity lalàna manaraka ity;

## NY FILOHAN'NY FANAVAOZANA NY REPOBLIKA,

Araka ny Lalàmpanorenana;

Araka ny Didim-pitsarana laharana faha-… HCC tamin'ny __________ navoakan'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana;

## MAMOAKA IZAO LALÀNA IZAO:

**Andininy voalohany.-** Ny fepetra voalazan'ny andininy faha-138 ao amin'ny Lalàna laharana faha-96-029 tamin'ny 06 Desambra 1996 momba ny Sata Ankapobeny mifehy ny Miaramila ovaina sy fenoina toy izao manaraka izao:

**Andininy faha-138 (vaovao):** Ireo miaramila mamita asa amin'ny alalan'ny fifanekena ao amin'ny Tafika, izay tsy afaka ny hanompo amin'ny maha-miaramila maharitra, dia azo omena alàlana hanohy ny asa fanompoana amin'ny alalan'ny fanavaozana fifanekena mifandimby, ao anatin'ny fetra tsy hihoatra ny efatra amby roapolo taona amin'ny asa miaramila tena vita, sady tsy mihoatra ny fetran-taonan'ny miaramila maharitra mitovy grady aminy.

Ireo Manamboninahitra Lefitra ao amin'ny Zandarimariam-Pirenena izay tsy afaka ny hanompo amin'ny maha-Manamboninahitra Lefitra maharitra, rehefa nitondra roa taona ny grady Zandary Kilasy Faharoa, dia alefa miverina amin'ny fiainana sivily rehefa tapitra ny fe-potoam-panompoany.

**Andininy faha-2.-** Ny tovana ao amin'ny Lalàna momba ny Sata Ankapobeny mifehy ny Miaramila, ny mahakasika ny fetran-taonan'ny miaramila maharitra sy ny miaramila mamita asa amin'ny alalan'ny fifanekena, voalazan'ny andininy faha-89 (vaovao) sy faha-110 ao amin'ny Lalàna laharana faha-96-029 tamin'ny 06 Desambra 1996, novaina sy nofenoin'ny Lalàna laharana fahana faha-98-030 tamin'ny 20 Janoary 1999, momba ny Sata Ankapobeny mifehy ny Miaramila, dia ovaina toy izao manaraka izao :

**TOVANA AMIN'NY LALÀNA**
**momba ny Sata Ankapobeny mifehy ny Miaramila**
**FETRAN-TAONAN'NY MIARAMILA MAHARITRA**
**SY NY MIARAMILA MAMITA ASA AMIN'NY ALALAN'NY FIFANEKENA**
voalazan'ny andininy faha-89 (vaovao) sy faha-110 ao amin'ny Lalàna laharana faha-96-029
tamin'ny 06 Desambra 1996.

Tsy azo ihodivirana ny fetran-taona voalaza eto ambany. Ny miaramila izay mahatratra ny fetran-taona farany mifanaraka amin'ny gradiny dia tsy ho isan'ny ao anaty lisitry ny hotendrena intsony

Ny fandraharahana ny miaramila no miandraikitra ny famoahana, ny fanarahamaso ary ny fampiharana ara-potoana ireo fepetra ireo araka ny fitsipika mifehy ny fisotroan-drononon'ny Miaramila izay voakasika izany.

**MIARAMILA MANAMBONINAHITRA AO AMIN'NY TAFIKA SY NY ZANDARIMARIAM-PIRENENA**

| MANAMBONINAHITRA MANANA GRADY NA MITOVY AMIN'IZANY | FETRAN-TAONA |
|---|---|
| Général d'Armée | 61 taona |
| Général de Corps d'Armée | 61 taona |
| Général de Division | 60 taona |
| Général de Brigade | 59 taona |
| Colonel | 58 taona |
| Lieutenant-Colonel | 58 taona |
| Commandant | 58 taona |
| Capitaine | 58 taona |
| Lieutenant | 58 taona |
| Sous-Lieutenant | 58 taona |

Ireo Manamboninahitra ao amin'ny "TAFIKA AN'HABAKABAKA", na dia mahazo ny fetran-taona mitovy amin'ireo Manamboninahitra hafa ao amin'ny Foloalindahy aza, dia tsy azo ampiasaina intsony amin'ny sehatra manokana maha-mpiasan'ny sidina ao amin'ny fitaterana an'habakabaka ara-tafika, rehefa mahatratra ireto fetran-taona manaraka ireto:

| MANAMBONINAHITRA MANANA GRADY: | FETRAN-TAONAN'NY MANAMBONINAHITRA AO AMIN'NY TAFIKA AN'HABAKABAKA HAMPANAOVANA ASA AMIN'NY SEHATRA MANOKANA MAHA-MPIASAN'NY SIDINA |
|---|---|
| Général de Division Aérienne | 56 taona |
| Général de Brigade Aérienne | 54 taona |
| Colonel | 52 taona |
| Lieutenant-Colonel | 50 taona |
| Commandant | 48 taona |

| MANAMBONINAHITRA MANANA GRADY: | FETRAN-TAONAN'NY MANAMBONINAHITRA AO AMIN'NY TAFIKA AN'HABAKABAKA HAMPANAOVANA ASA AMIN'NY SEHATRA MANOKANA MAHA-MPIASAN'NY SIDINA |
|---|---|
| Capitaine | 47 taona |
| Lieutenant | 47 taona |
| Sous-Lieutenant | 47 taona |

Ireo mpanamory fiaramanidina miaramila mpanao ady na mpihaza dia tsy azo ampiasaina intsony amin'izany sehatra manokana izany raha mihoatra ny 45 taona; manomboka amin'io taona io, dia azo afindra na ampanaovina asa ho amin'ny fitaterana an'habakabaka ara-tafika izy ireo, raha ekeny, ho mpiasan'ny sidina na ho mpanamory manao asa mivantana.

Ho an'ireo Manamboninahitra manao asa amin'ny alalan'ny fifanekena, ny fampitohizana ny asa fanompoana dia atao isaky ny fe-potoana roa taona azo havaozina, amin'ny alalan'ny didim-panjakana avoakan'ny Filohan'ny Repoblika.

**MIARAMILA TSY MANAMBONINAHITRA MAHARITRA AO AMIN'NY TAFIKA**

| MIARAMILA MANANA GRADY NA MITOVY AMIN'NY | FETRAN-TAONA | |
|---|---|---|
| | AN-TANETY<br>- AN'HABAKABAKA<br>- AN-DRANOMASINA | MANAMBONINAHITRA LEFITRA AO AMIN'NY SINGA AN'HABAKABAKA HAMPANAOVANA ASA AMIN'NY SEHATRA MANOKANA MAHA-MPIASAN'NY SIDINA |
| Adjudant-Major | 58 taona | 49 taona |
| Adjudant-Chef | 58 taona | 49 taona |
| Adjudant | 58 taona | 47 taona |
| Sergent-Major | 55 taona | 47 taona |
| Sergent-Chef | 53 taona | 47 taona |
| Sergent | 53 taona | 44 taona |
| Militaire du rang | 50 taona | |

Ny faharetana farany ambony amin'ny asa fanompoana vitain'ny miaramila mamita asa amin'ny alalan'ny fifanekena dia ferana tsy azo ihodivirana ho roa amby roapolo 22 taona ; ny fampitohizana ny asa fanompoan'ny miaramila mamita asa amin'ny alalan'ny fifanekena dia atao mandritra ny fe-potoana iray ka hatramin'ny roa taona azo havaozina, araka ny fanapahana avoakan'ny Minisitra miandraikitra ny Foloalindahy ho an'ireo Manamboninahitra Lefitra Ambony, ary araka ny fanapahana avoakan'ny Lehiben'ny Etamazaoro Jeneralin'ny Tafika ho an'ireo miaramila hafa.

Ireo mpiasa tsy Manamboninahitra ao amin'ny "TAFIKA AN'HABAKABAKA", izay ampiasaina amin'ny sehatra manokana maha-mpiasan'ny sidina, dia mahazo ny fetran-taona mitovy amin'ireo miaramila tsy Manamboninahitra hafa ao amin'ny Tafika, mifanaraka amin'ny gradiny, raha vantany vao mahatratra ny fetran-taona amin'ny gradiny ao amin'izany sehatra manokana izany.

**MIARAMILA TSY MANAMBONINAHITRA AO AMIN'NY ZANDARIMARIAM-PIRENENA**

| GRADY | FETRAN-TAONA |
|---|---|
| Zandary Lehibe | 58 taona |
| Zandary | 58 taona |

Manan-kery manomboka ny 01 janoary 2026 ity lalàna ity.

**Andininy faha-3.-** Foana ary mitoetra ho foana ny fepetra rehetra teo aloha izay mifanohitra amin'ity lalàna ity, anisan'izany manokana ny fepetra ao amin'ny Didy hitsivolana laharana faha-2010-004 tamin'ny 06 Jolay 2010.

**Andininy faha-4.-** Noho ny hamehana ary araka ny fepetra voalazan'ny andininy faha-4 sy andininy faha-6 andalana faharoa ao amin'ny Didy hitsivolana laharana fahaarana faha-62-041 tamin'ny 19 Septambra 1962 momba ireo fepetra ankapobeny mifehy ny lalàna anatiny sy ny lalàna iraisam-pirenena tsy miankina, dia manan-kery avy hatrany ity lalàna ity raha vantany vao avoaka amin'ny alalan'ny onjam-peo na fahitalavitra, na dia tsy mbola tafiditra ao amin'ny Gazety Ofisialin'ny Repoblika aza.

**Andininy faha-5.-** Avoaka ao amin'ny Gazety Ofisialin'ny Repoblika ity lalàna ity.

Hampiharina ho lalàm-panjakana izy.

Navoaka teto Antananarivo, faha

**Michaël RANDRIANIRINA**

**Ho an’ny Filohan’ny Fanavaozana ny Repoblika,**
**Filoham-Panjakana**

**Hita mba ho tovana**
**Ny Didim-panjakana laharana faha 2026-1666 tamin’ny 01 Jolay 2026**

**Ho an’ny Praiminisitra, Lehiben’ny Governemanta**

**Mamitiana RAJAONARISON**